
No. 31 – Novambra 2020

# JESOA VELONA AO AMIN'I MARIA

*Bulletin Mensuel de Formation et d'Information - Association Marie Reine des Coeurs*

I ❤ Teny Malagasy



## Debout, Jérusalem, resplendis !

*Elle est venue, ta lumière, et la gloire du Seigneur s'est levée sur toi.*

**(LIVRE D'ISAÏE 60,1)**

I ❤ Teny Malagasy

**Fanazavana ara-baiboly**

# «Sambatra izay matahotra ny Tompo!»

*Pierrette MAIGNÉ*

15 NOVAMBRA 2020
Alahady faha 33 mandavan-taona – Taona A

**SALAMO** (Sal 127 (128), 1-2, 3, 4-5)
V/ *Sambatra izay matahotra ny Tompo!*

Sambatra ny lehilahy matahotra ny Tompo,
Izay mandeha amin'ny lalany!
Mihinana ny asan-tananao ianao amin'izany:
Ka dia sambatra sy voky soa!

Ny vadinao manahaka
ny voaloboka mahavanom-boa,
Ao an-tokantranonao,
Ny zanakao manahaka ny zanak'oliva
Manodidina ny latabatrao.

Toy izany no hitahiana
Ny lehilahy matahotra ny Tompo!
Ny Tompo anie hanambina anao, avy ao Siona!
Enga anie ka hahita an'i Jerosalemena
miadana tsara ianao,
Amin'ny andro rehetra hiainanao!



Ity salamo izay atolotra antsika amin' ny litorjia Alahady 15 Novambra ity tafiditra amin'ny antsoina hoe Salamon' ny fiakarana : Salamo 15 (119 -133) izay mandrafitra ny vavaka ireo mpivahiny miakatra ho any amin'ny Tempolin'i Jerosalema.



Sambatra : izay no fiatombohan'ity salamo, io teny hita ao anatin'ireo salamo maro ary afaka antsoina ny bokin'ny salamo ho boky ny hasambarana ; ahoana moa no tsy hisaintsainana ihany koa ny vakiteny tamin'ny 1 volana Novambra, fankalazana ny fetin'ny olomasina izay hanambara ny Evanjelin'ny hasambarana valo isan-taona.

Inona ity lalan'ny hasambarana izay atolotry ny salamo antsika, satria lalana no ambara eto fa tsy toetra tsy mihetsika akory.

Matahotra ny Tompo, izany hoe tia Azy amin'ny fony manontolo sy ny fanahiny manontolo, manandratra Azy, mankalaza Azy. Chouraqui nandika ny fomba fiteny « Ireo matahotra an'Andriamanitra » ho « ireo mihorohoro an'Andriamanitra » Tsy misy hifandraisany amin'ny tahotra mandevo fa toetra marina manoloana an'Andriamanitra sy Mpahary, ilay Raintsik.

Mandeha amin'ny lalany : ny lohahevitry mikasika ny lalana hita matetika ao amin'ny baiboly, ny olona dia malalaka ary an-kalalahana tokoa no hamaritany sy hanaovany ny safidiny ; ny sasany misafidy makany amin'ny fiainana ny sasany kosa tsia ary Andriamanitra no manolotra antsika ny fanekem-pihavanany miaraka amin'ireo Teniny (Didy folo) ho lalana makany amin'ny fiainana.

**"" MATAHOTRA NY TOMPO, IZANY HOE TIA AZY AMIN'NY FONY MANONTOLO SY NY FANAHINY MANONTOLO, MANANDRATRA AZY,**

Ny sary nampiasaina nentina hilaza ny fahasambarana dia sary taratry ny fiainana andavanandro : fahasambaran'ny fivelomana, tokantrano miaraka amin'ny zanany izay hanjakan'ny fiadanana asehon'ny oliva. Ny fahasambarana tsy mitady ao amin'ny zavatra miavaka fa ny fiainana andavan'andro, fiainana mahatoky ny Tompo miezaka mihaino sy mampiatra ny Teniny : » Sambatra izay mihaino ny Tenin'ny Tomposy mitandrina Azy »

Tongava soa, tohizo ny lalana'ny Fanekem-pihavanana miaraka amin'ny Tompo ao anatin'ny fahatokisana sy hafaliana. ■

# FANOLORA-TENA MONTFORTANINA

## Andevon'ny fitiavana - malalaka sy fenon'ny Fanahy

P. Mario Belotti, smm

*Ity lahatsoratra ity dia fandinihana nataon'i Mopera Mario Belotti, lehiben'ny fikambanana ao Italie, nandritra ny fanokanan-tena i Marek, Daniel et Alessandro, tao Santeramo in Colle, Bari Italie Atsimo ny 19 Septambra lasa teo. Andro mialohan'ny fanononana ny voady voalohany ao amin'ny Fikambanana Montfortanina Compagnie de Marie (misionera Montfortanina). Ny aim-panahin'ny fanoloran-tena, nazavain'i Mopera Mario, tsy ho azy telolahy ihany fa ho antsika izay miaina ny Fanoloran-tena nampianaran'i Mopera avy ao Montfort ! Mazotoa ary mamaky !*

Anio hariva, ireto rahalahintsika Marek, Daniel sy Alessandro, mankalaza amin'ny fomba tena misy lanjany sy tena lehibe tokoa, ao anatn'ny litorjia tsotra nefa ilaina. Hanavao ny toky natao tamin'ny Batemy sady manolon-tena amin'i Jesoa Fahendrena tonga nofo tamin'ny tanan'i Maria, ao anatin'ny tena fitiavana na « andevon'ny fitiavana ».
Mety ho hafahafa, fa mba hahazoana ny maha zava-dehibe an'ity fomba fiteny « andevon'ny fitiavana » ity, mila jerena aloha ny mifanohitra aminy, toy ny voalazan'i Md Paoly hoe « taloha ianareo andevon'ny fahotana » (Rm 6, 17) izany hoe « efa maty ara-panahy ianareo »

Nanomboka tamin'ny fotoanan'ny revolisiona ara- kolontsaina ny taona 1968, izay nanova ny foto-pisainana ny fiaraha-monina nentin-paharazana, indrindra teo sehatry ny fanabeazana – ny fomba fiteny « andevon'ny ota », « andevon'ny fahazaran-dratsy »na ny fomba fiteny « fanandevozana » mampiketroka ny olona maro na rehetra ara-piarahamonina na ireo ao amin'ny faribolana akademisiana sy mpiatondra fivavahana.

Tsy tena afaka tamin'ny fanandevozana ny fiaraha-monina ; fomba fiteny hafa no nanolo azy toy ny hoe fidorohana zava-mahadomelina, fironanana, sns. Ny antony na ny vokany dia mitovy hatrany : ny zava-mahadomelina, toaka, ny fironana sy fanararaotana ara nofo, mpanaraka mafana fo tafahoatra ideolojika sy ara-pivavahana izay manimba ny famendrehena sy ny fahalalahana maha olona, mandevo olona izy ireo ary mamono olona amin'ny lafiny rehetra. Ny marina, « ny fandevozana misy hatrany eny anivontsikaary maka endrika fandevozana ara nofo ireo vehivavy sy ankizy, fanandevozana arak'asa, fanadevozana fifindra-monina, fanadevozan'ny fahantrana, zava mahadomelina, fisarahana, herisetra.

Fa inona moa ny antony ilazako an'izany ? Satria amin'ny maha olom-pirenena amin'izao tontolo izao sy vavolombelon'ny vanin-potoana ny tantara, tsy maintsy mampatsiahy aho ho an'ireo mihevitra ny teny « fanadevozana » hoe efa tsy teny amin'izao vanin-potoana izao, nefa tsy izay fa mbola tena misy mihintsy, ary amin'ny endriny tena mihiba sy manimba tanteraka.

**“” TSY TENA AFAKA TAMIN'NY FANANDEVOZANA NY FIARAHA-MONINA.**



**P. Mario Belotti, smm**

Miaraka amin'izay amin'ny maha montfortanina, tsy maintsy ampatsiaviko amin'izao tontolo izao fa ny asa fanavotana sy ny fahafenoan'ny fiainana avy amin'ny endrika hafa ny « fanadevozana » izay tsy mamatotra mais manafaka tsy manimba fa maha avy amin'Andriamanitra. Izay no antsoin'i Md Louis Marie de Montfort « fandevozan'ny fitiavana » ary Md Paoly « ny fandevozana manamarina antsika amin'ny fomba azo antoka manoloana an'Andriamanitra »

Raha mbola mpanota iray, mpisotro taoka na mpidoroka zava mahadomelina mandà ho andevon'ny fahotana na andevon'ny taoka sy zava mahadomelina, fa tia kosa etsy ankilany ary mifaly afaka manambara « andevon'ny fitiavana ». Tsy misy isalasalana, ny famaritana ataontsika, montfortanina, nomentsika « andevon'ny fitiavana » dia mora azon'ireo mahalala marina tokoa izany traikefa rehefa latsa-pitiavana izany.

**Araka i Md Paoly, ny batemy no mahatonga antsika ho « andevon'ny tena fahamarinana » na « andevon'i Kristy ». Tamin'ny alalan'ny batemy, niaIntsika izay namatotra antsika tamin'ny fahotana ary nisafidy ny « hiraikitra amin'i Kristy isika ».** Voalzan'i Md Paoly hatrany, ny vokatry ny firaiketana tanteraka amin'i Kristy azoana fankasitrahana dia ny fanomezana ny « fiainana mandrakizay ». Etsy ankilany, Md Louis Marie de Montfort milaza amintsika ary azoko tenenina hoe, tena zavatra tena ambony indrindra satria ny fandevozana antsika dia endriky ny fahafoizana tanteraka sy fanomezana fara tampony. Ny marina, Montfort nilaza tamintsika fa fara tampon'ny tanjona ny fandevozana antsika amin'ny fitiavana dia « voninahitra an'Andriamanitra, Kristy ary Maria ». « Hafaliana tsotra ny fahafahana manome voninahitra sy manompo Andriamanitra sy ny namana amin'ny alalan'i Jesoa sy Maria (cf. VD 121).

Noho izany, ny fanoloran-tena antsika dia fanehoam-pitiavana tsy voafetra, fanomezana feno, tanteraka ary azo antoka ao amn'i Kristy tsy misy ambo hahazo valisoa manokana. Tsy afaka manome mihoatra noho izay ! Hoy i Montfort:

**« Amin'ny alalan'io fitivana sy fanajana io no anomezana an 'i Jesoa Kristy , amin'ny fomba lavorary , ny zavatra rehetra azontsika atolotra Azy , satria amin'ny alalan'ny tenan'i Maria , ary be lavitra noho ny atao amin'ny fitiavan-bavaka hafa rehetra , izay anolorana ny ampahany amin'ny fotoana ananana na ny ampahany amin'ny asa soa vita na ny ampahany amin'ny fanonerana ny ota sy ny famolahan-tena ihany.Fa amin'ny fanoloran-tena lavorary amin'i Jesoa Kristy amin'ny alalan'i Maria dia omena Azy sy afoy manontolo ho Azy hatramin'ny zo hanarana-po amin'ny haren-panahy ananana ao anaty mbamin'ny hafaliam-po vokatry ny asa soa vita isan'androizay tsy atao amin'ny fivavahana hafa Amin'izany anefa , ny fahafahan na ny zo hanran-po amin' ny hasina vokatryny asa soa vitan'ny tena ary tsy miezaka araka izay azo atao hiala amin'izay sarobidy si raiketan'ny fony, toy ny mbola ifikiran'ny Kristianina amin'ny valisoa avy amin'ny fahamendrehana sy ny hafalian-po avy amin'ny fanonerana ny fahotana . Arak'izany tsy masi-mandidy amin'ny asa soa ataony intsony ny olona iray rehefa manolon-tena an-tsitra-po amin'i Jesoa Kristy amin'ny alalan'i Maria Ny fijaliany, ny fiheverany, ny teny sy ny soa vitany dia an'i Maria avokoa, mba hampiasainy araka ny sitrapon'ny Zanany sy hahazoany voninahitra lehibe. (VD 123-124).**



**Nos frères Marek, Daniel et Alessandro**

Eto no mipetraka ny fanontaniana : tsy mahazo n'inona n'inona izany ? Eny mahazo ary mihaotra aza. Manome lisitra Montfort ireo vokatry ny fanoloran-tena amin'ny fiainana (misy 7 indindrindra VD 123 – 225) fa telo no ho tononiko manokana :

**Ny vokatra voalohany « andevon'ny fitiavana »** manome antsika fahafahana lehibe anaty izay avy amin'ny fahatsapana fa hiankina tanteraka amin'Andriamanitra. (VD 169)

**Ny faharoa kosa indray « andevon'ny fitiavana »** mahatonga antsika ho olona miaina anaty fitiavana sy mahatsapa mandrakariva fa tia.

**Ny fahatelo « andevon'ny fitiavana »** manafy antsika ny « afon'ny fanahy » sy zoto-po apostolika. Tsy hoe afo na fahaiza miresaka ara politika fa zoto-po ny olona tia, ireo misionera manana hafanana ny tena fitiavana.

Ny olona rehetra tsy afaka mahazo an'ity aim-panahy ity. Ny marina dia « tsiambaratelo », « fanambarana manokana » izay ny Fanhy irery no afaka manome azy. Toy izao ny hanazavan'i Montfort azy:

**« Maro kokoa ireo hionona amin'ny endrika eto ivelanyfotsiny ary vitsy ireo hifikitra amin'ny votoatiny, saingyhijanonaamin'ny ambaratonga voalohany ihany. Iza no hiakatra amin'ny ambaratonga faharoa ? Iza no ho tonga amin'ny ambaratonga fahatelo ? Ary farany, iza ilay ho tody ka hitoetra amin'ny tanjona farany ?**
**Tsy iza fa ilay hany tokana hanambaran'ny Fanahin'i Jesoa Kristy, ity tsiambaratelo ity, izay hitantana ilay fanahy mahatoky hahatakatra ny zava-miafina ka hitombo amin'ny hatsaran-panahysy fahasoavana ary fahazavana mandram-pahatratrarany ny taona ama-pahendren'i jesoa Kristy » (Ef4, 13) (VD 119).** ■

# «Firahalahiana ao amin'i Maria Mpanjakavavin'ny Fahendrena»

### Avy amin'i Onesiphore KUKWIBISHATSE, any Burundi



**ONESIPHORE KUKWIBISHATSE** no anarako, teratany "burundaise"; imbetsaka namaky ny tantaram-piainan'ireto Olomasina anankiroa ireto aho dia: Masindahy Louis Marie Grignion avy any Montfort sy Masimbavy Terezin'i Jesoa Zazakely; ireto Olomasina anankiroa ireto izay tsy azoko sarahina raha ny amin'ny lafiny ara-panahy.

Ahoana ary no nahafantarako ny aim-panahy Montfortana?

Amin'ny maha-lezionera ireo Ray aman-dReniko, dia nobeazina tamin'ny toe-tsaina tia manao ny sapile miaraka amin'ny fianakaviana aho miaraka amin'ireo vavaka hafa fanao ao amin'ny fikambanana « légion de Marie ». Rehefa niha-lehibe aho dia nanomboka nitia an'i Maria Virjiny Masina indrindra ambara-pahafantarako fa Izy no Reniko any an-danitra. Ary rehefa nanomboka tao amin'ny Kilasy ambaratonga faharoa fototra aho dia niditra tao amin'ny Fikambanana "Légion de Marie" ary tao no nanombohako nihaona tamin'ny Masera iray Mpanompon'ny Virjiny Masina, izy no nilaza tamiko betsaka ny fiainan'i Mompera avy any Montfort. Ny taona 2004 no nanaovako ny Fanokanan-tena amin'i Jesoa amin'ny alalan'i Maria. Taorian'ny nanaovako ny Fanokanan-tena dia nanomboka nampiely izany tamin'ny hafa aho, niainga tao amin'ny fianakaviako, ireo Ray aman-dReniko, ny anadahiko sy rahavaviko dia tia azy ity ka nanao ny Fanokanan-tenany ihany koa izy ireo. Izany no nahatonga ny fianakaviako hirotsaka amin'ity aim-panahy Montfortana ity.

Noho ny fiainam-pahany Montfortana, nianatra nanetry tena aho ary nizaka ireo hazofijaliana sedraiko amin'ny fiainako. Nohatanjahan'ny Hazofijalian'i Kristy aho ka nanam-paniriana hampiely ity harem-panahy ity satria tsapako fa vitsy ny olona mahalala ny Virjiny Masina eny fa na dia ireo heverina ho mahalala aza, misy koa ireo tsy mahalala azy tsara na tsy mahalala mihitsy hoe iza izy.

Tsy hitsahatra aho ambara-pahafantaran'ny olona rehetra manodidina ahy ny Tena Fanajana Marina an'i Maria, eny fa na ireo izay lavitra ahy aza. Io lafiny io indrindra no antony nanapahako hevitra hanao fivahinianana Masina manokana tamin'ny toerana masina voatokana hanajana ny Virjiny Masina.


**“” Ny taona 2004 no nanaovako ny Fanokanan-tena amin'i Jesoa amin'ny alalan'i Maria. Taorian'ny nanaovako ny Fanokanan-tena dia nanomboka nampiely izany tamin'ny hafa aho ...**

Mba ahafahako manohy ity fandraisana andraikitra ity, dia nananganana vondrona iray izay antsoinay hoe: “Firahalahiana ao amin’i Masina Maria Mpanjakavavin’ny Fahendrena” aho. Te handray anjara amin’ny fiainana ny aim-panahy Montfortana izahay ary te hampahalala izany amin’ny hafa amin’ny alalan’ny fanaovana fihatahana Masina sy ny fivahinianana Masina.

Tena tian’i Mompera avy any Montfort mihitsy ny fampijalian-tena. Ary izahay ihany koa dia te hanandrana hanao ity fampijalian-tena ity, amin’ny fanaovana Fivahinianana Masina mandeha an-tongotra mankany amin’ireo toerana Masina, mba ho maro ireo Apôstôly amin’izao vaninandro izao, hanara-dia an’I Masindahy Louis Marie Grignion avy any Montfort.

Mahalala sy mitia ny Virjiny Masina fa indrindra ny fitanisana ny sapile na ny Raozery dia midika fa tena Katôlika marina ho an’ny Kristiana. Izaho manokana, dia tsapako fa raha tsy nahalala ny Tena Fanajana Marina an’i Maria aho dia tsy ho toy izao mihitsy.

Anatin’ny heriko sy ny fahalemeko, amin’ny fotoana mahafaly na mampalahelo, dia faly mandrakariva aho satria manana reny any an-danitra izay mankahery ahy. Mirehareha aho mahafantatra ny aim-panahy montfortana ary ambarako amin’ny hafa izany. Nandray izany maimaim-poana aho ary izaho ihany koa dia hampiely izany tsy mila tambiny. Iraka hotanterahiko izany.



“” NOHO NY FIAINAM-PAHANY MONTFORTANA, NIANATRA NANETRY TENA AHO ARY NIZAKA IREO HAZOFIJALIANA SEDRAIKO AMIN’NY FIAINAKO. NOHATANJAHAN’NY HAZOFIJALIAN’I KRISTY AHO KA NANAM-PANIRIANA HAMPIELY ITY HAREM-PANAHY ITY ...

Tahaka an’I Masimbavy Terezin’i Jesoa Zazakely izay nilaza hoe: voaantso ho amin’ny fitiavana aho. Ity fitiavana ity no manosika ahy hanana zotom-po ho misionera mba hampiely ny Tena Fanajana an’i Maria.

Na dia eo aza ireo fifanoherana misy eto amin’izao tontolo izao, eny fa na dia tsy Pretra Montfortana aza aho dia hanolotra ny tenako sy ny fanahiko manontolo aho amin’ny fampahafantarana ny aim-panahy Montfortana na aiza na aiza misy ahy. Fampanantenako izany. ■

“Ary raha tsy manao vy very ny ainy ho an’Andriamanitra isika dia tsy mahavita zava-dehibe ho Azy”
(Taratasy laharana faha-27 nosoratan’i Mompera de Montfort)







**ONESIPHORE :**

**“” MIREHAREHA AHO MAHAFANTATRA NY AIM-PANAHY MONTFORTANA ARY AMBARAKO AMIN’NY HAFA IZANY. NANDRAY IZANY MAIMAIM-POANA AHO ARY IZAHO IHANY KOA DIA HAMPIELY IZANY TSY MILA TAMBINY. IRAKA HOTANTERAHIKO IZANY.**

# MANARAKA NY DIAN'I MONTFORT

## « Ny Fikambanana Mpanompovavin'ny Tompo sy ny Virjiny Masina ao Matarà » (SSVM)

*Dola Dhanush*




Sr Maria Sponsa Amabilis, Sr Maria Einsidein, Sr Maria Reina de los Angeles, Sr María Corredentora, Sr Merien Ana

**FRANCE** - Nanomboka ny taon-dasa, ny Fianakaviam-ben'ny Relijiozy Ny Teny Tonga Nofo – izay ahitana sampana Pretra antsoina hoe : « Ny Fikambanana Teny Tonga Nofo » (amin'ny Teny espagnol : Instituto del Verbo Encarnado – IVE), sy sampana iray ho an'ireo Masera antsoina hoe : « Fikambanana Mpanompovavin'ny Tompo sy ny Virjiny Masina ao Matarà » (SSVM) ary ny sampana ho an'ny lahika manokan-tena hanompo ny Fiangonana izay antsoina hoe : « Tiers-Ordre Séculier » dia nikasa hanao fivahinianna Masina any amin'ny fasan'i Masindahy Louis Marie avy any Montfort any Saint-Laurent-sur-Sèvre ; Ny volana Jolay 2020 tamin'ity taona ity no novinavinaina hanaovana izany. Na izany aza, dia nofoanana ity fandaharam-potoana ity noho ny valan'aretina Covid-19 izay mbola manjohy manelingelina hatrany ary tsy misy mahalala ny fotoana hoe rahoviana izy ity no ho resy fa dia manakorontana mandrakariva ny lamin'asa efa napetraky ny zanak'olombelona izy ity.

Inona no ifandraisan'i Louis Marie avy any Montfort amin'ity fikambanan-dRelijiozy naorin'i Mompera teratany Argentin **CARLOS MIGUEL BUELA** ity? Izy ity dia vokatry ny zava-misy iainan'ireo Pretra sy Relijiozy amin'ity fianakavian-dRelijiozy izay manao ny Fanokanan-tena araka ny fampianaran'i Montfort amin'ny voady fahaefatra ity, izay manampy ny voadin'ny Fahantrana, ny Fanekena ary ny Fahadiovam-pitondran-tena. Manamafy izany ny « MPANDRINDRA FOTOTRA NY FIAINAM-PANAHY » fa ny:

**« Ny fiainam-panahintsika dia tokony ho voamarika amin'ny fahatsiarovan-tena ho maivana, amin'ny fanekena ny voady fahaefatra dia ny ho andevon'i Maria, araka ny fampianaran'i Masindahy Louis Marie Grignon de Montfort, mba hijanona ho an'i Maria hatrany ny fiainantsika manontolo. Ary raha miresaka momba ny voady isika, dia hampitombo ny aim-panahintsika Marialy izany » (n°19).**

Ny tsy fahatanterahan'ity fivahinianana Masina ny volana Jolay ity dia tsy foana manontolo tsy akory. Satria Masera Maria Corredentora Rodriguez, Lehibem-pikambanana maneran-tany SSVM, miaraka amin'I Masera Maria Sponsa Amaboliks Araujo Medeiros, Mpanolon-tsaina maneran-tany, ary ireo Masera hafa telo mirahavavy dia nivavaka teo amin'ny fasan'i Md Louis-Marie de Montfort ary avy eo dia nitsidika toerana maro izay mifandraika tamin'ny fiainan'i Masindahy Louis-Marie, ivelan'ny Saint-Laurent-sur-Sèvre.



Nitsidika an'I Montfort-sur-Meu izy ireo, Iffendic, Pont-Château, ny vohitr'I Masina Misely, toy ny hita amin'ny sary.

Ankehitriny, ity fikambanan-dRelijiozy ity dia manomana sy mamolavola boky anankiray antsoina hoe: « Manaraka ny dian'i Montfort any Frantsa ». Hampiasaina izy ity mba hahafantarana ny tantara sy ny antom-pisian'ireo toerana maro izay niainan'I Montfort sy niasany. Ny fampidirana ny fiainan'I Montfort dia azo antoka fa hanampy amin'ny fomba fiainana ny Fanokanan-tena izay ampianariny eto amin'ity izao tontolo izao ity ankehitriny. Fehiny, ity Fanokanan-tena ity dia faritan'ny Lalam-panorenan'ity Fikambanan-dRelijiozy ity amin'ny alalan'ireto an-dalana manaraka ireto:

"Ity Fanokanan-tena amin'I Maria ity dia atao toy ny "fanandevozam-pitiavana ny Reny" araka ny fomba mahavariana nasehon'I Masindahy Louis Marie Grignion avy any Montfort. Ity fanandevozana ity dia antsoiny ihany koa hoe "Fanandevozana ny sitrapo" na "ny fitiavana", satria an-kalalahana sy an-tsitrapo tanteraka, entanin'ny fitiavana, no anolorantsika ho an'I Maria ny fananantsika sy ny tenantsika manontolo, ary amin'ny alalany, ho amin'I Jesoa Kristy. Tsy inona izany fa ny fanavaozana, amin'ny fomba lavorary sy feno fahatsiarovan-tena, ireo fanomezan-toky natao tamin'ny Batemy, izay nahatonga antsika hitafy an'I Kristy…" (n°83)

Ahoana ary no fomba mahitsy hiainana ireo teny ireo? Ny fiainan'I Montfort, dia nifantoka tamin'ilay hoe: "Andriamanitra Irery", izay afaka manome fanazavana lehibe momba ity fanontaniana ity.. ■

**"" NY FIAINAM-PANAHINTSIKA DIA TOKONY HO VOAMARIKA AMIN'NY FAHATSIAROVAN-TENA HO MAIVANA, AMIN'NY FANEKENA NY VOADY FAHAEFATRA DIA NY HO ANDEVON'I MARIA, ARAKA NY FAMPIANARAN'I MASINDAHY LOUIS MARIE GRIGNON DE MONTFORT…**




**Ambiance dans une maison de formation internationale (Bagnoregio, Italie)**

# FANOKANAN-TENAN'IREO

## MPIKAMBANA MIISA VALO AMBIN'NY FOLO ATO AMIN'NY FIKAMBANANA MARIE REINE DES CŒURS ETO RD CONGO

*Mompera Constantin ATALIPA, SMM*



**KISANGANI, RDC -** Tamin'ity datin'ny 07 Oktobra ity, izay ahatsiarovan'ny Fiangonana Katôlika maneran-tany ny fetin'I Masina Maria Mpanjakavavin'ny Raozery ity, izay nitenenan'i Masina Maria Virjiny tamin'i Masindahy Dominika ny mba hanaovantsika ny Raozery, tamin'ny taon-jato faha-telo ambin'ny folo tany Prouilhe (Fanjeaux ankehitriny), sy tany Fatima any Portugal izay mitovy ny anarana, ny faha-13-n'io volana io ihany ny taona 1917 ; Tamin'ity taona 2020 ity, dia nohararaotin'ny DGAF (Ny Delegasiona Jeneralin'ny Afrika miteny Frantsay) ity fotoana ity mba hankalazana fety roa sosona, dia ny Fanokanan-tenan'ireo Mpikambana valo ambin'ny folo ao amin'ny Fikambanana Marie Reine des Cœurs sy ny fahatelo ambin'ny folo taona nanamasinana ho Pretra an'i Frédéric BOLUMBU, Zoky am-panahy Nasionalin'ity Fikambanana voalaza ity eto RD Congo.



Ireto hetsika anankiroa lehibe sy manandanja ireo dia nankalazaina nandritra ny Sorona Masina notarihan'I Mompera Constantin ATALIPA, Solontena Ambonin'ny DGAF sady mpanabe an'i Mompera Frédéric BOLUMBU sy ny Diakra Louis WENZA tamin'izany fotoana. Ny Sorona Masina dia natao tao amin'ny Paroasy Masindahy Paoly Apôstôly ao KISANGANI, paroasy tantanan'ny Montfortana ka I Mompera Frédéric no Pretra Tompom-paritany ao. Nandritra ny lahateny nataony, nambarany fa rehefa mankalaza ny Sorona Masina isan'andro i Mompera Constantin tamin'izany fotoana dia mampahafantatra mandrakariva ny aim-panahy Montfortana izay voafehy amin'ny fahalalana an'i Jesoa Kristy Fahendrena Mandrakizay sy Tonga Nofo. Nanakoako ny "iray Volana Montfortana" tamin'io andro io, izay nanentanan'ny Tomponandraikitra ny rehetra, indrindra ireo izay hanokan-tena, mba hianatra hiala amin'ny fomban'izao tontolo izao ka ho feno ny fomban'i Jesoa, hahalala ny tena, hahalala an'i Maria sy Jesoa. Ireo no fomba ahatongavana amin'ny Fanokanan-tena tanteraka ary mampiombona antsika feno amin'i Kristy.

Tamin'ity fankalazana ny Eokaristia ity, dia nisy ny fandraisan'anjara feno nataon'ireo Fianakaviam-be Montfortana (Ny Pretra sy Frera Montfortana, ny Frera Montfortanan'i Masindahy Gabriely ary ny Masera Zanakavavin'ny Fahendrena). Teo ihany koa ny fanatrehan'ireo Kristiana teto amin'ny Paroasy, ny antokom-pihira ary singanina manokana ireo Lezionera ary vahiny hafa maro nasaina.

Nanomboka tamin'ny 09ora sasany ny Lamesa ary nifarana tamin'ny iray ora latsaka fahefany, ora eto an-toerana. Nofaranana tamin'ny dom-bera tao amin'ny efitrano malalakan'ny Paroasy moa ity tontolo andro mahafinaritra ity. ■

**"" NY AIM-PANAHY MONTFORTANA IZAY VOAFEHY AMIN'NY FAHALALANA AN'I JESOA KRISTY FAHENDRENA MANDRAKIZAY SY TONGA NOFO.**

# FANEHOAM-PISAORANA

## AMIN'IREO ZAVA-TSOA LEHIBE AVY AMIN'ANDRIAMANITRA






3. Ry Andriamanitra lehibe, avy tamin'ny tsy misy no nanaovanao ahy,
Avy Aminao no nazahoako ny tsara rehetra,
Ianao irery no tohana ho ahy.
***Misaotra an'Andriamanitra***
***Misaotra an'Andriamanitra, Misaotra an'Andriamanitra, Misaotra an'Andriamanitra***

4. Endrikao aho, ry Mpanjaka lehibe,
Ary inoako amim-pinoana velona
Fa noreketinao ato amiko izany.
***Misaotra an'Andriamanitra***
***Misaotra an'Andriamanitra, Misaotra an'Andriamanitra, Misaotra an'Andriamanitra***

1. Amin'ny tsy fananako, ry Andriamanitry ny hatsaram-po,
Ho an'ny fiandriananao,
Iriako ambara am-panetren-tena hoe :
***Misaotra an'Andriamanitra***
***Misaotra an'Andriamanitra, Misaotra an'Andriamanitra, Misaotra an'Andriamanitra***

2. Amin'ny fitiavanao miompampana
Tsy mba manana izay mendrika havaly azy aho,
Fa iriako ny hiantsa andro aman'alina hoe :
***Misaotra an'Andriamanitra***
***Misaotra an'Andriamanitra, Misaotra an'Andriamanitra, Misaotra an'Andriamanitra***



5. Ny fitiavanao, ry Ray mandrakizay,
No nanolotra ny Zanany tsy mety maty
Ho faty ho an'ny olon-dratsy.
***Misaotra an'Andriamanitra***
***Misaotra an'Andriamanitra, Misaotra an'Andriamanitra,***
***Misaotra an'Andriamanitra***

6. Jesoa o, nanavotra ahy Ianao
Sy nanafaka ahy tamin'ny fatorana
Amin'ny fitondrana ny haratsiako.
***Misaotra an'Andriamanitra***
***Misaotra an'Andriamanitra, Misaotra an'Andriamanitra,***
***Misaotra an'Andriamanitra.***

7. Raha tsy namonjy ahy ianao,
Sy tsy nodiovinao,
Dia olom-bery mandrakizay aho.
***Misaotra an'Andriamanitra***
***Misaotra an'Andriamanitra, Misaotra an'Andriamanitra,***
***Misaotra an'Andriamanitra***

8. Niaina tamim-pahantrana ianao,
Maty tamin'ny fomba ratsy indrindra,
Ary izany dia ho ahy irery ihany.
***Misaotra an'Andriamanitra***
***Misaotra an'Andriamanitra, Misaotra an'Andriamanitra,***
***Misaotra an'Andriamanitra.***



9. Ho ahy ihany, ry Fanahy Masina,
No namoronanao an'i Jesoa Kristy
Rehefa nanaiky i Maria.
***Misaotra an'Andriamanitra***
***Misaotra an'Andriamanitra, Misaotra an'Andriamanitra,***
***Misaotra an'Andriamanitra.***

10. Nosoranao diloilo tamin'ny halemem-panahinao aho,
Noravahanao tamin'ny hatsaranao,
Nohetsahinao ny fahasoavanao.
***Misaotra an'Andriamanitra***
***Misaotra an'Andriamanitra, Misaotra an'Andriamanitra,***
***Misaotra an'Andriamanitra.***





11. Ianao irery no nanao batemy ahy
Nandray anao ho vady tamin'ny batemy aho,
Ary nobeazinao tamin'ny fivavahana.
***Misaotra an'Andriamanitra***
***Misaotra an'Andriamanitra, Misaotra an'Andriamanitra,***
***Misaotra an'Andriamanitra***

12. Nahoana aho no tsy mpanompo sampy ?
Nahoana aho no nataonao mpino ?
Tsy mba mendrika izany soa izany aho.
***Misaotra an'Andriamanitra***
***Misaotra an'Andriamanitra, Misaotra an'Andriamanitra,***
***Misaotra an'Andriamanitra***

13. Ny ranon'ny haratsiako
Dia tsy mba namefy ny hatsaram-ponao
Na ireo fanomezanao.
***Misaotra an'Andriamanitra***
***Misaotra an'Andriamanitra, Misaotra an'Andriamanitra,***
***Misaotra an'Andriamanitra***

14. Matetika aho no nosakananao
Tsy ho latsaka ao anatin'ny toe-pahotana
Izay tena nampirona ahy tokoa.
***Misaotra an'Andriamanitra***
***Misaotra an'Andriamanitra, Misaotra an'Andriamanitra,***
***Misaotra an'Andriamanitra***

15. Raha lavo aho, natsanganao,
Teo am-pahalavoana aho, natrakanao,
Ary raha saika nianjera aho, narovanao.
***Misaotra an'Andriamanitra***
***Misaotra an'Andriamanitra, Misaotra an'Andriamanitra,***
***Misaotra an'Andriamanitra***


16. Ireo fahalalàko ara-panahy sy ara-batana,
Ny ao anaty, ny eo ivelany
Dia zava-tsoanao, harenanao,
***Misaotra an'Andriamanitra***
***Misaotra an'Andriamanitra, Misaotra an'Andriamanitra,***
***Misaotra an'Andriamanitra***

17. Maro ny hatsarana mahatarika azoko,
Fihetsika masina sy mandrisika,
Izay fanomezana sy tolotra avy aminao.
***Misaotra an'Andriamanitra***
***Misaotra an'Andriamanitra, Misaotra an'Andriamanitra,***
***Misaotra an'Andriamanitra***

18. Avy aminao ny fahasalamako,
Ny hareko sy ny fahombiazako,
Ary ny fahasambarako manontolo.
***Misaotra an'Andriamanitra***
***Misaotra an'Andriamanitra, Misaotra an'Andriamanitra,***
***Misaotra an'Andriamanitra***

19. Raha manam-panabeazana aho,
Raha manaraka ny antsonao,
Dia noho ny fitahianao,
***Misaotra an'Andriamanitra***
***Misaotra an'Andriamanitra, Misaotra an'Andriamanitra,***
***Misaotra an'Andriamanitra***


20. Raha nahazo fanomezana hafa koa aho,
Raha nahatohitra ny demony,
Dia noho ny hatsaran'ny anaranao.
***Misaotra an'Andriamanitra***
***Misaotra an'Andriamanitra, Misaotra an'Andriamanitra,***
***Misaotra an'Andriamanitra***



21. Inona ary ny hafaliana sy ny hamamiana
Izay andraman'ny foko indraindray ?
Tsy inona fa ny fahasambarana avy aminao.
***Misaotra an'Andriamanitra***
***Misaotra an'Andriamanitra, Misaotra an'Andriamanitra, Misaotra an'Andriamanitra***

22. Inona no atolotro noho ireo soa ireo,
Ary ho an'ny maro hafa tsiambaratelo koa,
Raha tsy ny hiantsa mandrakizay hoe :
***Misaotra an'Andriamanitra***
***Misaotra an'Andriamanitra, Misaotra an'Andriamanitra, Misaotra an'Andriamanitra***

**ANDRIAMANITRA IRERY ▪**




**MISSIONNAIRES MONTFORTAINS**

Tél (+39) 06-30.50.203 ; Fax (+39) 06 30.11.908 ; Viale dei Monfortani, 65, 00135, Rome – ITALIE
E-mail: rcordium@gmail.com ; http://www.montfortian.info/amqah/